Banky Iraisam-pirenena 7

**Nanamafy fa tsy hamatsy vola ny tetikasa Miami**

Antenimieran'ny Andriana Merina 2

**Randriamahary Hamon no filoha vaovao**


# NY VALOSOA VAOVAO

Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)

Talata 25 oktobra 2022 Laharana 1361 Vidiny : **600 Ar**


Antenimieran'ny Varotra Antsiranana 7

**Tadiavin'ny TGV/MAPAR ampidirana politika**


www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto


**RMDM Toliara** 2

## Hidina an-dalambe raha tsy hatao ny fikaonandoham-pirenena



**Tsy afa-miala amin'i Rosia hono** 3

## Niteny tsy am-piheverana ny ministry ny fiarovam-pirenena



**Tranga** 2

## Tratra ny mpisoloky ho Assistant Parlementaire



**FJKM Ivato Seranana** 5

## Fetin'ny taranaka ny alahady 30 oktobra izao



**Tsy fandriampahalemana** 3

Tsy milamina mihitsy ao Tanambao Verrerie Toamasina

**Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety** 3

Halevina any Solila Ikalamavony i Faly "Les Nouvelles"

**Daka kely**



Ahoana indray ireny kozin'i Tsikirity ireny ry Boaikely a !

RMDM Toliara

# Hidina an-dalambe raha tsy hatao ny fikaonandoham-pirenena

Nihaona tamin'ireo mpitarika ny rodoben'ny mpanohitra: RMDM any Toliara faritra Atsimo Andrefana ny faran'ny herinandro teo, ny filoha lefitra nasiônalin'ny RMDM Faritanin'i Toalira Pasitera Edouard Tsarahame. Vory lanona tany an-toerana ireto mpitarika ireto, ny mahakasika ny raharaham-pirenena no voaresaka tamin'izany, indrindra ny mahakasika ny fifidianana ho avy. Nisongadina tamin'izany, fa tsy mety amin'ny RMDM Toliara ny zavatra ataon'ny fitondrana ankehitriny, satria simba tanteraka ny lisi-pifidianana raha tsy miala eo ny HCC: Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana sy ny CENI, na ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana. Takian'izy ireo noho izany ny hisian'ny Concertation nationale, na fikaonandoham-pirenena, fa raha tsy izany hoy izy ireo, hisy ny fidinana andalambe hataon'ny vahoaka. Tsy azo ihodivirana izay fikaonandoham-pirenena izay, araka ny nivoitra tamin'izao fihaonana izao, satria izay ihany no hisian'ny fifidianana madio sy mangaraharaha ary ho eken'ny rehetra.



*Ny fihaonan'ireo mpitarika ny RMDM, tany amin'ny renivohitry ny faritra Atsimo Andrefana.*

***Nangonin'i Niaina***

Tranga

# Tratra ny mpisoloky ho «Assistant Parlementaire»

Ravan'ny polisin'ny PPA4 Antaniavo ireo tambazotra mpanao asa ratsy amin'ny alalan'ny fanaovana fisolokiana avo lenta, fanaovana hosoka sy fampiasana hosoka, ary fisandohana andraikitra, izay tarihan'i Rakotonoelina Hajatiana Hervé, mitazona karatra sandoka sy Onihary Leca Zimmer dit Jimmy. Fitorian'olona nosolokian'izy ireo voarain'ny polisin'ny PPA4 Antaniavo, no niaingan'ny famotorana sy fikarohana ireto olona ireto. Ireo voasoloky dia tsy vitan'ny efa voasolokin'izy ireo fa mbola iharan'ny fandrahonana avy amin'ireto mpisoloky ihany koa, sy ireo namany izay mbola karohina. Fampiasana antotan-taratasy hosoka maro no ampiasain'izy ireo hahafahana manao ny asa ratsiny : toy ny chèque izay tsy azy ireo akory, taratasy mahakasika banque fa hoe misy volabe ho azo, ka handemena ny sain'ireo izay hosolokiany. Nanomboka teo amin'ny fametrahan'ireo lasibatra fitoriana dia nandeha ny fikarohana, saingy mbola tra-tehaka teo ampisolokiana olona hafa indray izy ireo. Araka ny filazany dia afaka mamoaka feo sy sarin'ireny olona manao appel inconnu ireny izy ireo raha sendra nisy olona hafa nisy niantso tamin'ny appel inconnu ireny teo akaikiny ka henony. Nampanantena ilay nahazo appel inconnu moa izy ireo fa hainy ny mamoaka sary sy feon' ireny olona manao appel inconnu ireny ary efa nahazoany vola be indray ilay olona nahazo appel inconnu. Nono ny angombaovao dia tratehaky ny polisy ny PPA4 Antaniavo teo 67HA izy roa lahy ireto. Manana karatra sandoka maha assistant parlementaire mihintsy izay anisan'ny ampiasain'izy ireo amin'ity resaka ity, no sady anaovana tsinontsinona ireo polisy miasa eny andalambe rehefa mandalo izy ireo. Noporofoin'ilay solombavam-bahoaka antaratasy izay nosandohan'izy ireo fa patron-any fa tsy mahafantatra ireo olona ireo ny tenany ary tsy tompon'andraikitra amin'izay zavatra izay ataony. Mbola misy namana'ireto karohina izay milaza fa Assistant Parlementaire ihany koa. Ny polisin'ny PPA4 Antaniavo dia manentana ny dahololobe ho mailo hatrany ary hametraka fitoriana raha misy tranga toy izao. Ireo distrika lavitra sy ankodahoda no tena lasibatr'izy ireo ary sandaina 250.000 Ar ka hatramin'ny 1.000.000Ar ny karatra iray ho an'izay liana. Marihina fa fitoriana maro no mahakasika azy ireo ary karohina fatratra ny namany. Natolotra ny fampanoavana omaly alatsinainy 24 Oktobra ireto mpisoloky tratra ireto.




*Ireo mpisoloky ho Assistant Parlémentaire.*

***Niaina***

Antenimieran'ny Andriana Merina (AAM)

# Randriamahary Hamon no filoha vaovao

Randriamahary Hamon no filoha vaovaon'ny Antenimieran'ny Andriana Merina (AAM). Vory lanona tao Isoraka, foibentoeran'ny Antenimieran'ny Andriana Merina (AAM), ny fianakavimben'ny Andriana isan-tsokajy, sy ireo havana avy amin'ny Foko samihafa eto amin' ny Firenena, nanotrona ny fifamindram-pitantanana ny AAM, teo amin'ny Andriambenimerina ny Profesora Raymond Ranjeva, sy ny Andriambenimerina Hamon Randriamahary mandimby azy. Ny sabotsy 22 oktobra 2022 teo, no tontosa izany lanonana manetriketrika izany, famindrantehina maha Andriambenimerina avy tamin'ny Andriambe Ranjeva Raymond, ho an'ny Andriambe Randriamahary Hamon no natao tamin' izany. " Institution Culturelle", na Ivontoerana arakolontsaina, araka ny fanambaran'izy ireo ny Antenimieran'ny Andriana Merina na A.A.M. Nisongadina nandritra ny lahateny nifandimbiasana, fa mila ivontoerana, na institution culturelle ara-dalàna manana ny anjara toerany, sy ny anjara andraikiny mazava ny Firenena Malagasy.

***Stefa***



*Randriamahary Hamon, filoha vaovaon'ny AAM.*

## Ny Valosoa sy fakafaka

Fitondrana Rajoelina

# Voaporofo hatrany fa tsy mahavaha olam-bahoaka andavanandro

Miditra amin'ny tapany faharoa amin'ny volana oktobra sahady isika ankehitriny. Miha- misoko mangina ao anaty fihamafisan'ny fidangan'ny vidim-piainana indray ny vahoaka. Efa manomboka miakatra indray ny vidin'ny vary eny an-tsena. Efa misy ireo mihoatra ny 800 ariary izao, ilay manana kalitao tsara izany. Izany hoe ny sarambabem-bahoaka dia tsy mihinana vary tsara kalitao izany intsony, fa izay hany mba takatry ny vola. Misy aza efa tsy mahavita intsony mihinana vary in-telo isan'andro ary misy mihitsy ny mandry fotsy. Hihasarotra anefa ny vidim-piainana manomboka izao satria miditra amin'ny maitso ahitra. Hiha- hitombo araka izany, mazava loatra, ny tsy fanjarian-tsakafo amin'ny mponina ka tsy ny any atsimo sy atsimo atsinanan'ny Nosy ihany no hiharan'izany tranga izany, efa fotoana ela rahateo ny azy ireo io tranga io, fa hiitatra amin'ny faritra hafa izany. Eny, hiharan'izany na ny amin'ny faritra an-drenivohitra aza. Efa misy izany fotoana ela izay, fa mbola hiha-hitombo isa ireo.

Rehefa bangoina tsotra, ny fitondrana Rajoelina dia fitondrana tsy mahavaha olam-bahoaka nandritry ny fotoam-piasany izao. Eo ny resaka sakafo izay, izay tsy nahafaka ny vahoaka tao anaty tsy fanjarian-tsakafo ny fitondrana. Tsy afaka ny delestazy, izay nidedahana ery tany am-piandohana fa izy no hahavaha ny olana sy nanakianana mafy ny fitondrana teo alohany. Fitaka bevava tsotra izao no ilazana azy, fa iaraha-mahita sy miaina izany delestazy izany. Ny fatiantoky ny vahoaka mampiasa rianaratra tao anatin'izay taona maro sy fotoana ela izay goavana. Ny azy mpitondra tsy misy voatohina, fa ny fihariam-bahoaka mahita faisana.

Izao indray midehaka fa hanome vahana ny sehatry ny indostria amin'ny resaka famoronana na fananganana. Ny eo efa nisy aza anefa natao izay namonoana azy ary tsy namakiana loha ireo mpiasa nivelona tao anatin'izany. Nilàna vaniny, ohatra, ny orinasa Magro teny Ankorondrano sy Behoririka. Mpiasa firifiry akory no maty fivelomana tao anatin'izany. Fitondrana tsy mitsinjo sy tsy miaro mpiasa malagasy. Ny mponina very tany fonenana sy fihariana, fa bodoin'ny mpanambola izany, miseholany amin'ny toerana na faritra samihafa eto amin'ny Nosy. Miady kanefa toa kely hery, miantso vonjy amin'ny filohan'ny Repoblika mba hiaro azy kanefa zary toa manao antso an'efitra ihany. Zary lasa teny eny am-bavan'ny olom-pirenena marobe ankehitriny ny hoe " tsy misy miaro intsony izy". Tsy hitany intsony izay afaka mba hiaro azy amin'ny olana mianjady aminy, ary zary tany tsy misy fanjakana hiaro ilay vahoaka madinika. Manjaka ny tsy rariny sy tsy hitsiny eto amin'ny firenena. Izany sisa no iainan'ilay vahoaka malagasy nomena fampanantenana poak'aty.

***Sôh'son***

## PRIERE AU SACRE CŒUR



**Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.**

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

**Finaritra R.**

## Ny Valosoa sy hadihady

### Tsy afa-miala amin'i Rosia hono

# Niteny tsy am-piheverana ny ministry ny fiarovam-pirenena

Tapidàlan-kaleha izao fitondrana izao ka ny sisa azony atao dia tsy misy afa tsy ny fanakanana, fandrahonana sy fampiasan-kery ary fanagadrana manoloana ny fanoherana ny tsy rariny, ny fitakiana ny zony sy ny fitokonana ary ny fanairana ataon'ireo ihàran'izany. Etsy andanin'izany anefa dia misy tandapa manao tantely afa-drakotra ny harempirenena kanefa tsy hita izay ataon'ny manampahefana manana andraikitra hanameloka izany. Tsara ho marihana, fa tena ilaina tokoa ny handetehana ao antsain'ny mpiray tanindrazana ny tsy fahombiazana sy kitoatoa ataon'izao fitondrana izao eo amin'ny sehatra rehetra. Atao izany mba tsy handeferan'ny vahoaka intsony, ka hanilihany sy hampiharany ny tsy fandeferana hentitra (tolérance zéro) manoloana ny adalàn'ireo mpitondra amin'izao fotoana izao ary hanao izay fomba rehetra tsy hiverenany eo amin'ny fitondrana intsony. Iaraha-mahita eny amin'ny haino aman-jery ary gazety ny tsy firaharahian'ny minisitera ny fitakiana ataon'ny mpiraki-draharaha ao amin'ny Fitsarana. Amam-bolana no nitokona izy ireo kanefa dia tsy mbola hita ny vahaolana ary dia fandrahonana sy fampitahorana no hasetrin'ny minisitra ny fitakiana. Omena taratasy fiantsoana (requisition) ny mpiasa hiverina hiasa fa raha tsy izany dia ho tapahina, hono, ny karama. Asa raha tsy fantatry ny minisitra fa sendika no mihetsika, ka arovan'ny lalàna ny mpitokona satria zony feno izany. Mahatsapa mantsy ny minisitera fa tsy misy raharaha mandeha eo anivon'ny fitsarana raha mbola mitokona ny mpiraki-draharaha, ka hifototra izy no mety hisaoty eo amin'ny toerany dia tsy mahita làlan-kizorana ankoatry ny fampitahorana sisa no atao. Mbola tsy sahy mampiasa herimpamoretana anefa aloha hatreto, ka asa raha ho tonga amin'izany ihany aoriana. Ankoatry ny raharaha nanala-baraka ny minisitry ny Serasera sy ny Kolotsaina tamin'ny fotoana dia mijabaka indray izy momba ny fitantanana ny OMDA, ka mahatonga ny hetsika ataon'ny mpanakanto amin'izao fotoana izao izay mitsipaka ny antsoin'izy ireo hoe "freedomisation" an' ity sampandraharaha miaro ny zon'ny mpanakanto ity. Iaraha-mahatsiaro fa maro tamin'ireo mpanakanto manao ny hestika no nanohana izao fitondrana izao, ka nahatongavany eo amin'ny toerana misy azy ankehitriny. Ny azo lazaina dia soa kenda hahay mitsako, ary soa lavo hahay hamindra. Azo lazaina fa iray tamin'ireo nampiakatra an-dRajoelina Andry eo amin'ny seza fiandrianany i Mahery Lanto Manandafy (Malama) na dia azo heverina ho ankolaka aza izany kanefa dia atakalon'ny fitondrana vazaha izy, ka nampidirina am-ponja. Tsy nandray ny fitorian'ny vadiny ny eny amin'ny PAC, torak'izany koa ny ao amin'ny Fitsarana. Noraràna ny hetsika nokasain'ity vadiny natao, na teto Antananarivo na tany Toliara. Tsy fihetsempo na tombatombana ivelany no hanohanana olona iray, fa fandinihana lalina ny lasa rehetran'ilay olona ho tohanana. Rehefa jerena kosa ny adalàna ataon'ny mpitondra na ny mpiandany aminy dia jerena fotsiny izy ireny ary tsy misy fandraisana fepetra hanasaziana azy ireny. Tsy azo adinoina ny fisamboram-bola nataon'ny fiadidiana ny tanànan'antananarivo tao amin'ny CNaPs, sy ny fanambaran'ny filohan'ny Repoblika fa ity orinasampanjakana ity no hameno ny tsy ampy amin'ny karama farany ambanin'ny mpiasa tsy miankina. Tsy ny tomponandraikitra aty ambany ihany no manao adalàna fa hatrany amin'ny faratampony, ka heverina fa tsy mendrika ny toerana nametrahana azy izy rehetra ka tsy maintsy ao an-tsaina mandrakariva fa tsy misy tiana ohatry ny zanaka fa rehefa manaikitra ny nono dia hakifika. Nanome taratasy fahazoana mitatitra voamboana ho aty an-dRenivohitra ny depiote Rakotomanga Lanto, izay efa nitondra vola tamin'ny boritra amina arivo tapitrisa tao anaty fiarany tamin'izany fotoana izany, kanefa dia ny mpamily ilay fiara indray no naiditra am-ponja. Anisan'ny nanolo sefo fokontany tany amin'ny boriborintany faharoa ihany koa ity depiote ity volana maro lasa izay. Fandikan-daàla daholo izany kanefa dia tsy mbola misy fepetra noraisin'ny tomponandraikitra tandrify izany hatramin'izao. Koa asakasak'izay nametraka fitokisana tamin'ny olona toy izany, ka hamerimberina ao an-tsaina mandrakariva fa ny toky fitaka fa ny atao no hita. Nesorina tamin'ny toerany ny ministiry ny Raharaham-bahiny ary nisolo toerana azy ny ministiry ny Fiarovam-pirenena, izay manamboninahitra ambony eo anivon'ny tafika. Tsy dia nahagaga loatra izany satria dia izy no nanao fampiraharahana ara-tafika tamin'i Rosia. Hiaro ny Firenena amin'izay mety ho fanafihana avy any ivelany tokoa no andrakitra ankinina aminy voalohany koa asa raha azo ho entina hanosika ny frantsay hiala any amin'ireo Nosy Malagasy manodidina izay fitaovampiadiana nanaovana fifanarahana tany Rosia. Tsy misy afaka mandà tokoa mantsy fa fananiham-bohitra no ataon'ny frantsay, ary mitovy amin'ny ataon'ny Rosia any Ukraine, izay nomelohin'ny ministiry ny Raharaham-bahiny teo aloha tany amin'ny Fivorian'ny Firenena Mikambana. Manohana an'i Madagasikara, hono, ny rosiana amin'ny famerenana ireo Nosy Malagasy ireo ka hanosika ny frantsay any ve? Tsy ho sahy hanao izany i Rosia ka efa nomeny fitaovana ny gasy ka hampiasao handroahana ny frantsay any. Niteniteny foana, na niteny tsy voahevitra ihany koa ny ministry ny fiarovam-pirenena nilaza, fa tsy afa-miala amin'ny Rosia isika amin'ny resaka fitaovam-piadiana, ny ankamaroan'ireo fitaovam-piadiana tamin'ny Rosiana dia efa tranainy ary tsy fitaovam-piadiana no laharam-pahamehana eto amintsika, fa ny fampakarana ny sosialy sy ny toekaren'ny mponina. Farany, ny gasy no anamparan'izao fitondrana izao fahefana amin'ny endriny rehetra, fa mifori-drambo sy mandohalika kosa izy ireo manoloana ny fibodoan'ny vahiny ny taniny.

***Andry Tsiavalona***

Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety

# Halevina any Solila Ikalamavony i Faly Les Nouvelles

Misaona ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety, nodimandry ny alahady teo ny mpanao gazety Rafalimpanantsoa, fantatra eo amin'ny tontolon'ny asa fanaovan-gazety amin'ny anarana Faly. Rahampitso alarobia amin'ny 12 atoandro ny nofomangatsiakany no hiala ao amin'ny Lycee Arcade Sabotsy Namehana ary halevina any amin'ny fasan-drazany any Solila Ikalamavony faritra Matsiatra Ambony. Mpanao gazety feno tanteraka izy, satria efa niasa tamin'ny fahitalavitra sy onjam-peo ary gazety an-tsoratra. Tany Allemagne no namaranany ny fianarany. Nanomboka ny asa fanaovangazety tao amin'ny BBC izy tany amin'ny taona 1980, efa niasa tao ao amin'ny RNM (Radio Madagasikara) , gazety Madagascar Tribune, Courrier de Madagascar, Televiziona RECORD, gazety JDM. Nanampy tamin'ny fanoratana tao amin'ny gazety hafa toy ny L'Observateur, Madagascar Matin sy ny radio RVS , ny gazety Sagesse Al Hikmat, ny gazety MAHITA ary farany teo, nanoratra tao amin'ny Les Nouvelles i Faly.

Izahay eto amin'ny gazety Ny Valosoa Vaovao dia mirary fiononana feno ho an'ny fianakaviany, sy ny mpanao gazety rehetra. Mandria am-piadana Ra-Faly !

***Stefa***



*Ny mpanao gazety Faly, na Ra-Faly fahavelony.*

## TONONKALO

### Ry tsisy hapoaka mianakavy !

Ry mpitondra o ! mihevera ity `nareo mitety tany,
Miezaka hanatsara endrika any ampita lavitra any,
Nefa ny eto ambany maso tena mody odiana fanina.
Firy izao ireo maty noana sy efa tsy mihinan-kanina ?

Any ampita no dradraina ny amin`ny lalambe hamboarina.
Ny efa vita tsy kojaina f`inona no tena marina ?
Azo hanina indray rehefa hoe `nareo no eo ?
Fa dia impiry hanova tonony ary impiry hanova feo ?

Ry mpitondra o ! mihevera fa tsy misy fivoarana.
Taom-piasanareo anefa tsy ho ela dia hifarana.
Toa tsy misy zava-tsara tena hita hoe mba miavaka,
Fa vao mainka i Gasikara mihamilentika any an-davaka !

Ianareo ilay miady lava , izay no tranga toa fahita,
Ka tsy misy zava-banona sy tsy misy zava-bita.
Ny etsy mody mifanohana , ny atsy tena mifamely.
Misy aminareo fikitra tena tia mampiady angely !

...Dia hankaiza ity `nareo ? misosa hatrany anie ny volana,
Nefa be dia be ny sehatra tsy ahitana vahaolana .
Sa dia efa miomankomana hanalava taom-piasana,
F`efa izay no mahazatra ireto donto eto an-tanàna ?

*DADAN`i RIANA (24-10-22)*

TSY FANDRIAMPAHALEMANA

# Tsy milamina mihitsy ao Tanambao Verrerie Toamasina



*Misy faritra tsy mandry fahalemana i Toamasina.*

Tsy milamina mihitsy amin'izao fotoana ny ao amin'ny Tanambao Verrerie Toamasina any amin' ny faritra Atsinanana. Tao aorian'ilay fanafihana ka nahafatesana raim-pianakaviana iray ny faran'ny herinandro teo, nisehoana asan-jiolahy indray omaly vao mangirandratsy tao amin'ity fokontany ity. Araka ny fampitam-baovao nohamarinina avy any an-toerana, ao Tanambao-Verrerie parcelle 21/74. Omaly tamin'ny 1 ora sy sasany maraina no nisy trangana fanafihana indray, telo lahy nisarontava no niditra tao amin'ny trano iray, fa mbola nisy koa tao ivelany. Vola mitentina 1.000.000 Ar eo no lasan'ireo jiolahy tamin'izany. Épicerie na mpivarotra enta-madinika isan-karazany ity voatafika ity, olona 3 mianaka izy ireo no tao an-trano. Mbola tavela tao ny barre à pince nampiasan'ireo olondratsy nanapoahana ny varavarana.

***Niaina***

NY VALOSOA VAOVAO Gazety miseho intelo isan-kerinandro (Talata - Alakamisy - Sabotsy)
Dokam-barotra
Tel. 034 79 076 00

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Ny lanonana famindram-pitantanana teo amin'ny AAM, Antenimieran'ny Andriana Merina, natao ny faran'ny herinandro teo.**









**Tsy afak'i Vazahabe sy ny ekipany ihany koa ny fako eny Ambohipo ao amin'ny Boriboritany faharoa.**





**Potika tsy vitan'i Vazahabe sy ny ekipany ny lalana etsy amin'ny Cotona Tsaralalana, efa tonga anefa ity ny fotoanan'ny orana.**





## NY TENY FIAINANA

*Ary Izaho manome azy fiainana mandrakizay, ka tsy ho very izy mandrakizay,*
*ary tsy hisy handrombaka azy amin'ny tanako.*
***Jaona 10:28***

**Makis Ladies XV**

# Nahazo ny tapakila hiatrehana ny fifanintsanan'ny amboara eran-tany 2023

Natao ny 14 hatramin'ny 22 oktobra 2022 lasa teo tany Tunisie ny «Rugby Africa Women's Cup", izay mivondrona ao amin'ny vondrona C nahitana an'i Madagascar sy Sénégal ary Tunisie. Nandresy tamin'ny isa 34 noho 25 ny XV Makis Ladies nandritra ny lalao voalohany nihaonana tamin'ny ekipan'i Sénégal. Nibata fandresena hatrany ny XV Makis Ladies tamin'ny lalao faharoa izay nihaonana tamin'i Tunisie, raha nisaraka tamin'isa 27 noho 05. Mitana ny laharana voalohany ao anatin'ny vondrona C i Madagasikara ary nahazo ny tapakila hiatrehana ny fifanintsanana ny fiadiana ny amboara maneran- tany amin'ny taona 2023.

***Rainilita***



*Ny XV Makis Ladies nandray ny amboara.*

**Basket Road To Bal Sénior Hommes**

## Ny Cospn Madagascar sy ny Kpa Kenya no tafita

Ny Cospn Madagascar sy ny Kpa Kenya no tafita any amin'ny dingan'ny "Élite 16", amin'ny fifaninanana Road To Bal 2022 tao anatin'ny vondrona Madagascar nahitana ekipa 3 nifaninana. Ny Cospn no nitana ny laharana voalohany ary ny KPA Kenya no nitana ny laharana faha-2. Tamin'ny lalao voalohany notontosaina tetsy amin'ny "Palais des Sports Mahamasina" tamin'ny zoma 21 ôktôbra 2022 lasa teo, ny Cospn Madagascar dia nandresy ny ekipan'ny Djabal Comores tamin'ny isa 110-58. Tamin'ny andro faharoa, sabotsy 22 ôktôbra 2022, ny Kpa Kenya Djabal Comores nandresy tamin'ny isa 120 – 37. Tamin'ny andro faha-3, alahady 23 ôktôbra 2022, ny Cospn Malagasy nandresy ny Kpa Kenya tamin'ny 66 – 60.

***Rainilita***


*Ny Cospn Madagascar.*

**FJKM Ivato Seranana**

## Fetin'ny taranaka ny alahady 30 oktobra ho avy izao

Fotoan-dehibe ho an'ny fiangonana eny amin'ny FJKM Ivato Seranana, distrikan'Ambohidratrimo ny alahady 30 oktobra 2022 ho avy izao. Hankalazaina eny an-toerana ny fetin'ny taranaka 2022 sy famaranana ny jobily faha-150 taona ny Fiangonana, ka hanomboka amin'ny 8 ora maraina izay fidirana tokana ihany no hisy amin'io fotoana io. Hasaina ho tonga eny an-toerana ny zanaky ny fiangonana rehetra, na ny eo an-toerana na ny zanaka ampielezana manerana an'i Madagasikara, eny fa na ny hatrany ampitandranomasina aza. Fotoana hisehoan' ireo taranaka rehetra eo anatrehan' Andriamanitra ny alahady 30 oktobra 2022, ka hirohotra eny an-toerana hankalaza an'Andriamanitra ny zanany rehetra . Araka ny fandaharam-potoana voafaritra dia ho faranana amin' ny fiaraha-misakafo ny fotoana. Ny zoma 28 oktobra amin'ny 5h30 koa dia hisy ny fiarahan'ny taranaka mifaly, izay hafanain 'ireo sampana velona ao anatin'ny fiangonana, eo no hizarana certificat sy valisoa ho an' ireo mpianatra afa-panadinampanjakana rehetra taona 2021- 2022.


*Ny FJKM Ivato Seranana.*

***Helisoa***

## Sakafo Ny Valosoa



Rona henomby sy anamalaho sy tsaramaso indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Tsara raha hasiana lasary voatabia na lasary tômaty miaraka aminy. Dia mazotoa homana tompoko.

## NY VALOSOA sy Mahasoa

### Fanafana amin'ny goty ny voaroihazo




Fanafana amin'ny goty ny voarohihazo io indray, no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Ny fihinanana matsiro be loatra , nefa tsy ampy ny rano sotroina, no anisan'ny mahatonga ny goty. Tsy ampy fanatanjahantena koa, no matetika mahatonga ny olana ara-pahasalamana miteraka y naretina goty.

ZAVATRA ILAINA:
Ravina goavy 7 isa laingony .
Voana voaroihazo, na hazondandy 1 tanana.
Rano 1 litatra sy tapany .
FIKARAKARANA AZY
Diovina tsara ireo ravingoavy sy voaroihazo.
Ampangotrahina amin'ilay rano mandritra ny 7 min.
Atao anaty thermos hafana.
Sotroina 2 vera, maraina, atoandro ary hariva.
Faharetany : misotro mandritra ny 10 andro.

## NY VALOSOA sy Mahaliana

### Ny tanànan'Amboasary distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro

Ny tanànan'Amboasary distrikan'i Moramanga faritra Alaotra Mangoro indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Amboasary ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 21 mandrafitra ny ditsrikan'i Moramanga. Azo lazaina ho efa avo toerana izy satria 907 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Lalovan'ny lalamby MLA: Moramanga Lac Alaotra ny tanànan'Amboasary, sy ny lalampirenena RN44, mampitohy an'i Moramanga sy Ambatondrazaka. Vokatra any ny vary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka. Ny voankazo toy ny voasary. Mpiompy akoho amam-borona koa ny mponina.



ADY AMIN'NY ZAVA-MAHADOMELINA

# Saron'ny zandary ny tany fambolena rongony tany Ankazobe

Rongony 200 fototra milanja 130 kg no saron'ny zandary tany Ankazobe faritra Analamanga. Ny sabotsy teo, nisy olona tsara sitrapo nampandre ny vondron-tobim-paritry ny zandarimaria Ankazobe mahakasika ny fisian'ny toerana iray fambolena rongony ao Ambatolosolatra, fokontany Tsinjorano, kaominina Tsaramasoandro, distrikan'Ankazobe. Tsy niandry ela fa ny alahady tamin'ny dimy ora maraina dia nidina tany amin'ny toerana voalaza ireo zandary, izay efa manao ny asa fampandrian-tany ao amin'ny kaominina Tsaramasoandro. Vokany: rongony 200 fototra, milanja 130 kilao nambolena teo amin'ny toerana mirefy 500 m2, no saron'ireo zandary. Lehilahy iray izay voalaza ho tompon'ireo rongony nambolena no nosamborina. Hatolotra ny fampanoavana ity lehilahy ity aorian'ny famotorana. Mitohy ny fikarohana izay mety ho mpandray ireo rongony ireo.



Ireo rongony sarona tany Ankazobe.

***Stefa***

Fahasalamana

# Olona 1 no lavon'ny valanaretina coronavirus ny herinandro teo

Mbola misy ny valanaretina coronavirus eto amintsika. Raha ny herinandro lasa teo, olona 1 no lavon'ny valanaretina coronavirus ny 9 ka hatramin'ny 21 oktobra. Araka ny tatitra navoakan'ny Ministeran'ny fahasalamana ihany, nahatratra 1411 ireo olona namoy ny ainy vokatr'ity aretina ity, izay tombanana ho 2,12%. Miisa 12 indray ny tranga vaovao ny faran'ny herinandro teo, ny 9 eto amin'ny faritra Analamanga, ny 3 kosa dia any amin'ny faritra Diana. Ny fitiliana natao tamin'izany dia niisa 514.756.

***Niaina***




Tarehi-marika momba ny covid-19 ny herinandro lasa teo.

Etazonia

# Manamafy ny rafitra ara-pahasalamana any avaratra atsinanan'i Madagasikara

Manamafy ny rafitra ara-pahasalamana any avaratra atsinanan'i Madagasikara i Etazonia. Vahoaka mandroso amin'ny fahasalamana no lakilen'ny fampivoarana sy fampandrosoana ny toekarena ary ny fampihenana ny fahantrana eto Madagasikara. Manatsara ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza any amin'ny faritra Analanjirofo, any avaratra atsinanan'i Madagasikara ny vahoaka amerikana, amin'ny alalan'ny Sampandraharaha Amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisampirenena (USAID), sy amin'ny alalan'ny fanomezana fitaovana ara-pitsaboana mitentina 575.000 dolara (2,4 miliara Ariary), ho an'ny tobim-pahasalamana miisa 144 ary fanohanana ny fampiofanana ireo mpivarotra fanafody ho an'ireo izay monina any amin'ny tanàna lavitra tsy misy fivarotam-panafody. "Ny USAID dia manampy an'i Madagasikara amin'ny fananganana rafitra ara-pahasalamana mahavelona kokoa, indrindra ho an'ny fahasalaman'ny reny sy ny zaza", hoy ny Mpandrindra ny Fandaharanasam-pahasalamana eo anivon'ny USAID/Madagasikara, Dr Andry Rahajarison, tamin'ireo mpandray anjara nandritra ny lanonana fanolorana ireo fitaovana tamin'ny fomba ofisialy. "Ny fanomezana androany dia ampahany farany amin'ny hetsika ataonay amin'ny fizarana entana sy fitaovana ilain'ny tobim-pahasalamana eo anivon'ny amin'ny faritra 14 eto amin'ny firenena."




Fitaovana ara-pahasalamana samihafa avy amin'ny Amerikana.

I Fenoarivo Atsinanana dia iray amin'ireo distrika enina ao Analanjirofo, histrika ireo fitaovana ara-pahasalamana vaovao, ahitana fandriana sy kidoro an-jatony, ary koa fitaovana fampiterahana, kojakoja famelomana ny zaza vao teraka, ary fitaovana fandrefesana ny tosidra, mba hahazoana antoka fa hisitraka tolotra ara-pahasalamana manara-penitra ny marary mamonjy toeram-pitsaboana.
Ny fanomezana dia tanteraka noho ny fiarahamiasa teo amin'ny tetikasa USAID Access sy ny Project CURE, izay fikambanana tsy miankina amin'ny fanjakana any Etazonia, manome fanohanana ara-pahasalamana ho an'ny firenena an-dalam-pandrosoana.
Ny fanomezana fitaovana ara-pahasalamana tao Analanjirofo no farany tamin'ireo totalin'ny fanomezana izay mitentina 8,2 tapitrisa dolara (34,4 miliara Ariary) nanomboka tamin'ny volana Janoary 2020.
Tamin'ny alalan'ny Access, ny USAID dia nanolotra bisikileta miisa 140 mitentina 15.000 dolara (64 tapitrisa Ariary), hanohanana ireo mpanentana ara-pahasalamana ao Analanjirofo. Izany dia tafiditra ao anatin'ny fanomezana bisikileta miisa 1.700 manerana ny firenena.
Tamin'io andro io ihany koa no nanombohan'ny USAID ny fiofanana ho an'ireo mpivarotra fanafody any an-toerana. Izany dia dingana voalohany amin'ny fampandehanana ny asan'ny mpivarotra fanafody tsy miankina, mba hahafahan'izy ireo manaraka ny toromarika avy amin'ny Ivon-toerana Nasionaly momba ny fahasalamambahoaka sy ny fiarahamonina (INSPC), ka hahazoan'izy ireo traikefa ara-dalàna amin'ny fivarotana fanafody manerana ny ambanivohitr'i Madagasikara.
Ny tetikasa USAID Impact, miara-miasa amin'ny INSPC, izay manaramaso ny fitsinjarana ny entam-pahasalamana, no nitarika ny fiofanana.
Miara-miasa amin'i Madagasikara toy ny "mpirahalahy mianala" ny governemanta amerikana, mba hanamafisana ny fanolorana tolotra ara-pahasalamana manara-penitra ho an'ny vahoaka Malagasy. Ny USAID no mpamatsy vola iraisam-pirenena lehibe indrindra ho an'ny sehatry ny fahasalamana eto Madagasikara, izay mitentina 440 tapitrisa dolara mahery nanomboka ny taona 2015, hamatsiana ny asa ara-pahasalamana, anisan'izany ny 16 tapitrisa dolara amin'ny ady amin'ny Covid-19.

***Aly***

Hetsika Woodstock Octoberfest Rock


# Hanentana ny olona hiady amin'ny doro ala amin'ny alalan'ny hira

Hivondrona ireo Artista misehatra amin'ny gadona "Rock" eto Madagasikara, mba hanentana ny tanora handray anjara amin'ny fiarovana sy ny fikajiana ny tontolo iainana. Hikarakara fampisehoana antsoina hoe "Woodstock October fest Rock" etsy amin'ny Kianjan'ny Kanto, ny 30 Oktobra 2022 ho avy izao, ny "Generation Event", izay handraisan' ireo mpanakanto amin'ny gadona "Rock" anjara, hahafahana mamerina indray ny fitiavan'ny tanora ny zava-boahary ary hanosika azy ireo tsy hanimba intsony ny tontolo iainana. Artista maromaro no handray anjara amin'ny hetsika, ao anatin'izany: i Ninie avy amin'ny tarika Kiaka; ny tarika "Locomotive"; ny tarika Dee A; ny tarika "Generation Rock" … Nilaza ny mpikarakara ny fampisehoana, fa mbola hanohy ny hetsika fanentanana any amin'ny faritra ny mpikarakara amin'ny volana desambra 2022 ho avy izao, satria ny hira no akaikin'ny tanora ary fitaovana iray ahafahana mandresy lahatra an'ireto farany tsy hiroso intsony amin'ny fadoroana tanety izany. Tsiahivina fa 10.000 Ar no saran'ny tapa-kila hahafahana mandray anjara amin'ny seho sehatra "Woodstock Octoberfest Rock' ary ny 10% avy amin'ny vola azo amin'ny fampisehoana, no hividianan'ny mpikarakara zanakazo, mba hanomanana ny hetsika fambolen-kazo, izay hotanterahina mandritra ny fotoampahavaratra ho avy izao.

***Franck Razakambelo***




PRIERE AU SACRE CŒUR



Que le Sacré Cœur de Jésus soit loué, adoré et glorifié à travers le monde pour des siècles et des siècles, Amen.

Dites cette prière 6 fois/ jour pendant 9 jours et vos prières seront exaucées même si cela semble impossible. N'oubliez pas de remercier le Sacré Cœur avec promesse de publication quand la faveur sera obtenue.

Remerciements au Sacré Cœur pour faveurs obtenues.

Tsiaro A.

## Mpiandry raharaha

**PHARMACIES DE GARDE 22/10/2022 hatramin'ny 29/10/2022**

- **VOLAHANTA** (Anosibe près du rond point vers Soanierana) 020 22 355 09/034 24 334 86
- **IARIVO** (Analakely en face Institut d'hygiène social) 020 22 224 26/020 22 699 19/034 16 326 06
- **AMBANIDIA** (Ambanidia) 020 22 255 50/033 05 255 50
- **MAHAVOKY** (Mahavoky Andravoahangy) 020 22 255 51/034 89 056 09
- **67HA** (face Eglise Luthérienne) 020 22 253 61

HJRA (urgences) : 033 11 890 58 / 22 279 79

HOMI Soavinandriana : 22 397 51

Hopitaly Befelatanana : 22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao : 22 441 88 /22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy :22 235 54

Ambulances municipales : 22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) / Airtel :03 35 47 / Orange :032 32 3547

Pompiers : Tél : 118/ 22 250 18/ 22 225 66

Police : Hôtel Central de Police : 17 / 22 227 35 /22 357 09

1° Arrondissement Tsaralalàna : 22 280 54
2°Ambanidia : 22 309 46
3°Antaninandro : 22 291 30
4°Isotry : 22 280 51
5°Mahamasina :22 280 48
6°Ambohimanarina : 22 225 52
7°67 Ha : 22 291 29
8°Analamahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle : 22 216 78 /22 210 29 / 22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

**Gazetim-baovao miseho intelo isan-kerinandro**
**Vidiny: 600 Ar**
**Adiresy: lot T 70 Ankadindratombo**

**TALEN'NY FAMOAHANA :**
Rahelisoa A.
034 79 07600

**MPANAO GAZETY**

**Politika:**
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsiavalona 032 07 744 55

**Toe-karena :**
Aly : 033 18 382 88

**Kolontsaina:**
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

**Fanatanjahantena:**
Lita: 033 41 557 69

**Mailaka:**
gvalosoa@yahoo.com
**NATONTAN'NY**
**Imprimerie de la RN7**

Fametrahana 1361-10-2022
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka, na antsaina ampahibemaso raha tsy ahazoana alalana vita soratanana avy amin'ny tompony

**ANTENIMIERAN'NY VAROTRA ANTSIRANANA**

# Tadiavin'ny TGV/MAPAR ampidirana politika

Tadiavin'ny TGV/MAPAR ampidirana politika ny Antenimieran'ny Varotra, na ny Chambre de Commerce any Antsiranana faritra Diana. Araka ny vaovao voaray avy any an-toerana, hialokalofan'ny antoko TGV/Mapar ny Fikambanan'ny Vondron'ny Mpandraharaha Malagasy (FIVMPAMA) any avaratr'i Madagasikara , manaporofo izany ny fahitana ireo mpitarika azy ao anaty lisitry ny kandida ao amin'ny chambre de commerce. Tapitra ny fametrahana firotsahan-kofidiana, ka Groupement 3 no nirotsaka dia ny Za Mba Tompony: ZMT, ny GONA (Groupement des originaires du Nord Antsiranana ary ny FIVMPAMA. Fanontaniana apetraky ny mpandraharaha any Antsiranana, noho izany, ny fangaraharahana eo amin'ny fifidianana ao amin'ny Chambre de Commerce hatao ny 26 Novembra 2022 ho avy izao. Marihina fa mahatratra 471 ny olombelona hita ao amin'ny lisitry ny mpifidy azo ny sabotsy teo, handray anjara amin'ny fifidianana ny volana novambra ho avy izao io.

***Niaina***




*Ny biraon'ny Antenimieran'ny Varotra any Antsiranana.*

Banky Iraisam-pirenena

# Nanamafy fa tsy hamatsy vola ny tetikasa Miami




*Tetikasa Miami, kasain'ny fitondrana atao.*


Namoaka fanambarana omaly ny avy amin'ny Banky Iraisam-pirenena, fa tsy hamatsy vola ny tetikasa Miami ataon'ny fitondrana Rajoelina, na aiza na aiza toerana anaovana sy hanaovana izany. Tao aorian'ny fandavan'ny fitondrana Rajoelina ny latsabato nataon'ny ministry ny raharaham-bahiny tany New-York, nanameloka ny Rosiana amin'ny ady any Ukraine, nefa notsipahan'ny fitondrana, marisarisa amin'izao fotoana ny fifandraisan'i Madagasikara amin'ireo mpamatsy vola mahazatra. Ny Banky Iraisam-pirenena tokoa dia anisan'ny mpamatsy vola miankina amin'ny Firenena Mikambana, ao anatin'ny rafitr'ity fikambanana iraisam-pirenena lehibe indrindra eran-tany ity, ao amin'ny Ecosoc (Economic and Social Council), na Filan-kevitra ara-toekarena sy ara-tsosialy. Hita ao amin'izany fanambarana izany, fa tsy hamatsy vola ny tetikasa MIAMI na ao Toliara na any an-kafa izy ireo. Ny fampakarana ny toekarena sy ny sosialin'ny mponina ihany koa, izay tena sahirana tokoa amin'izao fotoana, no tokony ho laharam-pahamehana eto amintsika.

***Aly***

BEHARO

## Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao)

**N° 410**




**BL** = Bory Loha
**BR =** Bory Rambo
**MIV** = Mivadika
**MIK** = Mikorontana

Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra


Ohatra : Valy = Vady

### Valiny Teny Tondro (0409)

*Mitsivalana*
- Sempotra
- Eny – Sefo
- Hiditra
- Any – Io
- Tanàna
- Ala – Mi
- Ar – Afaka

*Mitsangana*
- Sehatra
- Enina
- Midina
- Ala
- Fanitso (miv)
- Teroa
- Rfa – Km (miv)
- Ao - Avia

## TENY MIFANAPAKA N° 410



**Mitsivalana**

**1.** Andramana **2.** Sary tapaka- Mampisafidy – Sakafo **3.** Hita matetika eo amin'ny valopy – Tsiro – Mpanohitra **4.** Marika **5.** Fiantsoana anareo **6.** Tsy tsarоany **7.** Tsirin-teny Mpanao – Ahiahy **8.** Teny fanentanana – Naoty **9.** Miloko mena lalandava – Fitaovana fakana rano **10.** Latsa-dranomasoa

**Mitsangana**

**A.** Toeram-pivarotana – Betsaka **B.** Sambava, Antalaha, Vohemar – Fanampin'anarana **D.** Mari-bola – Olon-tiana (BR) **E.** Tanàn-dehibe **F.** Akaikinao **G.** Fanekana – Tatitra, teny hoentina (miv) – Sata sy voninahitra **H.** Mibaboka, miaiky fa diso (miv) **I.** Faritana **J.** Mpanoritra anarana – Renintsoratra tsy mitovy **K.** Voakasikay tsy nahy

### Valiny Teny mifanaraka 0409

**Mitsivalana**

**1.**Fiarakodia **2.** EM - Avo - Ka (miv) **3.** Namboarina **4.** OM - To (miv) - Ravo (miv) **5.** Mosary **6.** Naka - Elo **8.** Ady - Ora - If **9.** Nindrana **10.** Asa - Malaky (miv)

**Mitsangana**

**A** Fenomanana **B.** Imamo - Sida (miv) **D.** Sikina **E.** Raboana **F.** Avotra - Ory **G.** Koa - Karemy (miv) **H.** Ro - Olana **I.** Ivato - (V)al(a) **J.** Anay (miv) **K.** Mifanaraka

# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

N.A.

**Ny fivoarian'ireo mpitarika ny rodoben'ny mpanohitra : RMDM tany Toliara ny faran'ny herinandro teo, niaraka tamin'ny filoha lafitra nasiônaly Pasitera Edouard Tsarahame.**







